

MINISTERAN'NY VAVAKA

**TARI-DALANA TSOTRA SADY  
MAHOMBY**

## **FIZAHAN-TAKILA**

NAHOANA NO ILAINA NY MINISTERAN'NY VAVAKA  
NY MPANDRINDRA NY MINISTERAN'NY VAVAKA  
AHOANA NO FOMBA HANOMBOHANA AZY?  
NY FIANGONANA TRANO FIVAVAHANA  
ATAOVY MAHOMBY NY FIAINAM-BAVAKAO

## **MINISTERAN'NY VAVAKA HOE?**

Tantaran'ilay lehilahy anankiray izay nandeha tany an-tanan-dehibe iray raha vao maraina iny ny andro no handeha ho tantaraina. Nangatsiaka tsara ny andro tamin'izay. Noho ny tonga tao amin'ny trano fandraisam-bahiny izy dia nahatsikaritra fa tsy misy manao kiraro avokoa ny olona rehetra tao, na ny mpiasa na ny vahiny... ny rehetra mihintsy e. Rehefa niditra tao amin'ny toeram-pisakafoana izy dia nanontany rangahy anankiray tokony ho dimampolo taona eo ho eo "fa maninona ianareo no tsy manao kiraro?" sa ve tsy fantatrareo hoe inona izany?

Dia hoy ilay rangahy namaly:" mazava ho azy fa fantatro izany ka!"

"koa maninona ary ianareo no tsy manao kiraro e?"

"izay mihitsy ilay fanontaniana" hoy ilay rangahy namaly, "fa maninona aho no tsy manao kiraro?"

Niainga ho any anaty oram-panala ilay vahiny taorian'ny sakafo maraina. Mbola tsy nisy nanao kiraro daholo indray ny olona rehetra hitany tany. Tena nahaliana azy izany ka nanontany mpandalo iray izy: "fa maninona kay ny olona aty no tsy misy manao kiraro? Sa tsy fantatrareo hoe miaro amin'ny hatsiaka anie ny kiraro e!"

Hoy ilay mpandalo namaly: "fantatray tsara ny atao hoe kiraro ka, hitanao iry trano be iry? Toerana fanamboarana kiraro io. Tena faly mihitsy izahay manana an'io orinasa io ary isan-kerinandro izahay dia mivory mihaino ny famelabelaran'ireo tompon'andraikitra momba ny zava-tsoa entin'ny kiraro."

"koa maninona ary ianareo no tsy manao kiraro e?" hoy ilay vahiny nanatintrantitra.

"izay mintsy ilay fanontaniana" "fa maninona ianareo no tsy manao kiraro" hoy ilay mpandalo.

Betsaka ny kristiana no mitovy amin'ireo mponina ao amin'io toerana io, rehefa miresaka momba ny vavaka. Fantany tsara ny atao hoe vavaka, mino ny herin'ny vavaka izy ary matetika no maheno toriteny momba ny vavaka, kanefa dia tsy manana anjara toerana lehibe eo amin'ny fiainany izany. Eto ampanolorana ity tari-dalana ity dia manantena izahay fa ny hevitra sy ny toro-hevitra rehetra ato dia hanampy ny olona mba hananàn'ny vavaka toerana lehibe sy voalohany eo amin'ny fiangonana iray manontolo. Maro no manontany hoe: "fa maninona no ilain'ny fiangonana ny ministeran'ny vavaka?"

Ireto misy antony maromaro hanampiana anareo:

- Ny ministeran'ny vavaka dia mampiroborobo sy mandrindra ireo programam-bavaka ao amin'ny fiangonana
- Milaza I Jesosy fa amin'ny andro farany, amin'ny andro fijinjana dia tokony hampitimboina ny vavaka. Hanampy antsika hiankina tanteraka amin'ny tenin'Andriamanitra izany.
- Rehefa misy ny ministera manokana miandraikitra ny vavaka, ary rehefa misy olona manokana tendrena hiandraikitra ireo programa sy ny hetsika rehetra momba ny vavaka ao amin'ny fiangonana, dia ho maro ireo olona, fianakaviana hanapa-kevitra hivavaka amin-kafanam-po ho an'ny hafa.
- Misy hery hampanantenaina ny fiangonana izay manana programam-bavaka maty paika ary mananteraka izany ho an'ny tsirairay sy ho an'ny isam-pianakaviana.
- Mila vavaka bebe kokoa isika ao amin'ny fiangonana, vavaka manokana ho an'ireo Pasitora, mpampianatra , ny mpitondra ny fiangonana ary ny mambra tsirairay avy.
- Manome tombotsoa ho an'ny fiangonana mba hivavaka am-pahamalinana kokoa io ministera manokana io.
- Tsy voasaron'ny programa hafa ao amin'ny fiangonana ny ministeran'ny vavaka
- Ny ministeran'ny vavaka no mandrakotra , miaro ireo ministera hafa sy ireo programa rehetra.

Ny tena manan-danja indrindra dia izao, mitarika ny mambra banana fifandraisana lalina amin'I Jesosy sy amin'izy samy izy ny fiainam-bavaka mafana.

Mivavaka izahay mba handrehitra indray ny afom-bavaka ao amin'ny fiangonanareo sy eo amin'ny fiaraha-monina misy anareo ny hevitra sy ny tari-dalana rehetra izay omena anareo ao amin'ireo pejy manaraka.

## **NY MPANDRINDRA NY MINISTERAN'NY VAVAKA**

Tena ilain'ny fiangonana iray izay mivavaka ny fananana mpandrindran'ny ministeran'ny vavaka. Izy no handrindra, hampiditra ny fitiavam-bavaka eo amin'ny fiainana'ny fiangonana iray manontolo, eo amin'ny federasiona sy eo amin'ny fiangonana eo an-toerana.

### **IREO TOETOETRIN'NY OLONA HANAO IZANY:**

Tokony hanana ireto toetra ireto ny olona izay voafidy amin'io asa io.

- ❖ Fiainam-bavaka mafana
- ❖ Fahamatorana ara-panahy
- ❖ Fanomezam-pahasoavana manokana mandamina, mandrindra ary mitarika ny fotoam-bavaka eo amin'ny fiangonana.
- ❖ Manana laza tsara eo amin'ny fiangonana ary olona atokisan'ny mpitarika
- ❖ Manana fotoana ampy mba hanatrehana ireo programam-bavaka rehetra.

## **NY ASA SY NY ANDRAIKITR'IREO MPANDRINDRA NY VAVAKA**

Ny zavatra voalohany indrindra tokony hatao dia ny mijery ireo olona liana, mazoto amin'ny fanaovana vavaka fanelanelanana. Azo atao ny manatanteraka izany amin'ny filazandrahahara.

## **NY MPANDRINDRA NY MINISTERAN'NY VAVAKA**

Antso sy fanomezam-pahasoavana avy amin'Andriamanitra ny maha mpandrindra ny ministeran'ny vavaka. Izao ny voalazan'I Ellen White

“ny mpiasa iray dia mety ho mpandahateny efa niomana mialoha, ny hafa kosa...dia mety manana talenta amin'ny fanaovana vavaka amin'ny fo tsotra sy lalim-paka ary tena mafana. Ary ny talenta tsirairay dia tokony ho tonga hery ho an'Andriamanitra satria Izy dia miara-miasa amin'ny mpiasa” (9T 144)

Raha ohatra ianao ka mbola tsy mpikambana ao antin'io ministera io kanefa mahatsiaro hoe manana izay fanomezana izay na nandray antso, dia resaho amin'ny ekipan'ny Pasitora ao am-piangonana izany.

Fomba iray hafa hahitana izany koa eo amin'ny fotoam-pivavahana, ireo izay manolo-tena hivavaka eo dia hatonina tsirairay mba ahitana ny fahalianan'izy ireo amin'ity ministeran'ny vavaka ity. Manaraka izany dia tokony hanao fikarohana mahakasika ny ministeran'ny vavaka ny mpandrindra na eo anivon'ny misiona na federasiona izany na koa eo anivon'ny fiangonana eo an-toerana. Tokony haka traikefa any amin'ireo fiangoanana hafa koa, ny amin'ny fomba hampandehanan'izy ireo ny sampana vavaka any amin'ny fiangonany.

Raha vantany vao hita ireo olona liana na mazoto amin'ny fanaovana vavaka fanelanelanana, dia tokony hivory sy hanendry izay hivavaka , ary handamina ireo hevitra rehetra momba ny vavaka.

Ny mpandrindra ny vavaka eo amin'ny federasiona dia tokony hiara-miasa amin'ny Pasitora mba:

- ❖ Hijery sy hifidy ireo olona mendrika ao amin'ny fiangonana hiandraikitra ny ministeran'ny vavaka ao an-toerana
- ❖ Hanofana, hanoro hevitra ary hanome ireo fotoana rehetra ilainy, hanokatra lalana ihany koa mba hisian'ny fifandraisana.
- ❖ Ataovy ny plana mba hanendrena ireo mpiara-mivavaka na olona maromaro izay hametrahana ireo vavaka an-davanandro ho an'ireo olona voakasik'izany manokana. Isaky ny anarana, Pasitora, mpitarika, ireo izay miasa ao amin'ny fampielezam-boky, ireo mpiasan'ny fahasalamana, sy ireo mpitarika isam-piangonana eo anivon'ny federasiona, union, divisiona ary ny fivondronambe maneran-tany.

Ireto misy fomba hitrandrahana izany:

Vavaka mandritra ny fotoam-pivavahana, vavaka isam-pianakaviana, ministeran'ny vavaka( antso antariby), rojom-bavaka, namana miara-mivavaka, fivorim-bavaka, mpanao vavaka fanelanelanana, vondrom-bavaka mandritra ny asa fitoriania, fisintahana, andro manokana hivavahana.

## AHOANA NO HANOMBOHANA AZY ?

Rehefa mivavaka ny olona dia matetika no misy zavatra mitranga, ankoatra ny fahasoavan'Andriamanitra dia ny vavaka no zava-dehibe indrindra kanefa koa tsy ampiasaina indrindra ao amin'ny fiangonana.

Izao anefa, mandroso ny fiangonana izay manana fotoam-bavaka mafana. "mangataha dia homena ianareo, mitadiava dia hahita ianareo, dondony dia hovohana ianareo. Fa izay rehetra mangataka no mahazo, ary izay mitady no mahita, ary izay mandondona no hovohana" Mat 7: 7,8

Harena azo tovozina amin'ny fotoana rehetra ny vavaka. Hanovo hery avy amin'izany koa ny ministeran'ny vavaka mba banana fahendrena, fitahiana ho an'ireo mpitondra, ny mambra rehetra, ny fiaraha-monina , ary izao tontolo izao mihitsy.

## ATOMBOHY AMIN'NY VAVAKA

Ireo fiangonana izay maniry na manam-pikasana hanangana ny ministeran'ny vavaka dia tokony hanomboka amin'ny vavaka aloha. Maniry ny hangatahatsika fanampiana Aminy Andriamanitra. Tiany isika mba hangataka Aminy ary tsy hijanona hanao izany fangatahana izany. Raha mandany ora maro amin'ny vavaka isika aty am-piandohana, dia arakarak'izay koa ny hahamafy orina ny ministeran'ny vavaka. Andriamanitra dia mampahery ireo olona amin'ny alalan'ny fahatsapana ny fiadanana raha mihoatry ny fanapaha-kevitra iray sy ny fikarakarany ao anatin'ny toe-javatra misy.

Eo am-piandrasana ny fotoana mety amin'Andriamanitra dia mila mivavaka isika. Manamora ny asantsika mantsy ny fiandrasantsika izay fotoan'Andriamanitra izay.

## AHOANA NO HANOMBOHANA NY MINISTERAN'NY VAVAKA ?

- 1- Manompo an'Andriamanitra Lio 24:49
- 2- Antsoy ny hafa mba hiara-hivavaka aminareo Mat 18: 16-20
- 3- Mifidy toerana manokana hanaovana ny vavaka 2Tant 7: 12-15/ Lio 11:1
- 4- Mitady fotoana hivavahana Sal 32: 6
- 5- Manao vavaka fanelanelanana ho an' ny hafa Isa 59: 16/ Ezek 22:30
- 6- Manao teti-bola Rom 14: 12/ Lio 16:2
- 7- Manofana ny hafa mba hanao vavaka Mat 28:20
- 8- Samy manao ny andraikitra sahaza azy Mat 16: 27/ Rom 2:6

## **NY VINA**

Amin'ny alalan'ny vina no fomba iray ahafahana mamaritra ny tanjona kendrena, ary angady sy vy nananana ny ministeran'ny vavaka. Tsy hevit'olombelona ihany akory no atao hoe vina. Tsy manan-kery hanatanterahana ilay vina na ilay fahitana akory ny ankabeazan'ireo olona nahita izany. Hahatsiaro ho tsy manan-kery ihany koa isika rehefa fantatsika tsara ny tena maha-zava-dehibe ny fahitana.

Maro amin'ireo olona ao amin'ny Baiboly, no nahatsapa toy izany koa rehefa nahita fahitana avy amin'Andriamanitra ary nahita ny asa niantsoana azy ireo. Nanome toky an'I Paoly Andriamanitra, tahaka izay hanomezany toky antsika androany, fa ampy ho antsika ny fahasoavany satria ny heriny dia tanterahina amin'ny fahalementsika. (2Kor 12:9)

Tokony hozaraina amin'ny hafa ny vina mba ho voaray tsara sy haraina maso.

Tsy ampy ny fizaràna izany indray mandeha monja, mila averimberina matetika izany. Mangataha amin'I Tompo mba hanomezany tari-dalana mazava tsara anao. Ilàna fotoana sy fiharetana ny fikatsahana ny fon'Andriamanitra sy ny fitarihan'ny Fanahy Masina. Tsy tokony ho maimaika isika. Izany no atao hoe asan'Andriamanitra. Omeny antsika izay ilaintsika rehetra.

## **MANDAMINA SY MANDRINDRA NY MINISTERAN'NY VAVAKA**

Manokàna fotoana mba hanaovana drafitr'asa. Ny drafitr'asa dia fitaovana iray azo amboarina sy ovana tsara. Tadidio fa ny plana tsara indrindra dia tokony ho azo amboarina foana fa tsy hoe tsy azo kitihana akory. Mety miova ny zavatra rehetra. Miroborobo amin'ny alalan'ny fahitana ny plana tsara.

## **MIKATSAKA PAIK'ADY**

Ilaintsika ny mangataka izay ho endriky ny ministeran'ny vavaka amin'Andriamanitra. Ataovy azo antoka tsara fa ho eken'ny mpitarika ny fiangonana, ny ministeran'ny vavaka ary manàna mpitarika mafana fo hitondra ohatra tsara amin'ny alalan'ny fitarihany. Fantaro fa tsy mitovy ny fari-pahaizana sy ny fahamatorana ara-panahin'ny olona. Samy hafa ihany koa ny fandaharam-potoana sy ny andraikiny avy. Manangana ministera sahaza ho an'ny karazana olona rehetra, sy fotoana hivavahana mety amin'ny fandaharam-potoana maro.

## **PLAN'NY MINISTERAN'NY VAVAKA**

Ireto no tokony ho hita ao anatin'ny plan'ny ministeran'ny vavaka izay tena ilaina indrindra:

- Fanambarana iraka
- Tanjona mazava tsara
- Drafitr'assa tsirairay avy
- Fanorotsoritana ny asa hatao
- Tabilao ahitana ireo tompon'andraikity ny asa tsirairay
- Teti-bola tsotsotra raha ilaina izany

## **EZAHO LAZAINA ANATY FEHEZAN-TENY MAZAVA TSARA NY IRAKA NA NY ASA ATAON'NY MINISTERAN'NY VAVAKA**

Ampio ny fiangonana mba hifantoka tsara ary hahalala tsara ny lanjan'ny ministeran'ny vavaka amin'ny alalan' ny fanambaranao ny iraka.

Ity misy ohatra amin'izany. « ny iraka sahanin'ny ministeran'ny vavaka dia ny mivavaka, mampianatra ny hafa hivavaka, miara-mianatra ny Soratra Masina, marmorona zavatra hafa ahazoana tombotsoa. Ary mandray anjara amin'ny fanatanterahana ny vina sy ny asan'ny fiangonana araka izay tarihin'ny Fanahy Masina. »

## **AHOANA NO FOMBA HIFIDIANANA OLONA HIVAVAKA?**

- 1- Mifidiana avy amin'ny olona
- 2- Tandremo mba tsy hifanontona amin'ny asa ataon'ny fiangonana ny zavatra atao
- 3- Manangàna vondrona hiandraikitra ny vavaka atao amin'ny fotoana manokana
- 4- Asio tabilao fisoratana anarana eo ambaravarana'ny fiangonana
- 5- Tariho handray anjara amin'ny vavaka ny mambra vaovao
- 6- Sorito mazava tsara ny zavatra atao manokana (ohatra ny fotoana mety hivavahana, ny vavaka isam-batan'olona na iraisan'ny vondrona).
- 7- Mifidiana mpitarika “kapitenim-bavaka” mba hiandraikitra manokana mandritra ny andro maromaro na mandritra ny herin'andro:
  - a) Hanangona ny taratasy fisoratana anarana
  - b) Hiantso ary hampahery ny hafa mba hivavaka
  - c) Hisaotra ny olona tamin'ny fahatokian'izy ireo tamin'ny vavaka
  - d) Mitazona ireo fangatahana mbola ho valiana

8- Lazaina ampabibemaso ireo valim-bavaka voaray.

## **MIANKINA AMIN'NY TANJONA KENDRENA IREO ANTSIPIRHAN-JAVATRA HITA AO AMIN'NY DRAFTR'ASA**

Ohatra( sady ho fanatanterahana ireo voalaza tetsy ambony) ny tanjona dia tokony:

- Mampahery ny olona hivavaka na ihany koa hivavaka bebe kokoa
- Mampianatra ny mambra sy ny hafa mba hivavaka
- Mikaroka tombotsoa , zavatra hafa izay hamporishina ny mambra bebe kokoa amin'ny vavaka, ny fianarana ny Soratra Masina ary ny ministera mihitsy aza.

## **IREO TANJONA IZAY MAMARITRA BEBE KOKOA ITY MINISTERA ITY**

Izy ireo no mamaritra ireo dingana arahina mba hanatrarana tanjona iray. Ny tanjona dia fitambaran'ireo hetsika atao. Mety ho sarotra ny hanatanteraka tanjona be dia be satria tokony harahina maso akaiky izy ireo.

NY DRAFTR'ASA: dia manazava ireo dingana tokony hatao mba hanatrarana ireo tanjona tsirairay avy.

NY FANORITSORITANA NY ASA kosa no hahafantaran'ny olona izay andrasana aminy. Ilaina izany mba hampiroboroboana ny asan'izy ireo. Diniho tsara ilay asa dia farito araka izany ny andraikitra tokony hatao. Ezaho mba ho fohy sy tsotra io famaritana io.

ZARAO ILAY DRAFTR'ASA, mangataha hevitra amin'ny hafa mba hanatsarana na hanamafisana ilay plana napetraka. Mangataha fahendrena sy fitantanana avy amin'Andriamanitra. Mangataha amin'Andriamanitra mba hanamboarany ny fon'ireo tompon'andraikitra sy ireo mpihaino mba handraisany ny ministeran'ny vavaka.

- Atomboy amin'ireo olona na vondron'olona izay miahysy mikarakara kokoa izany. Manorina fifampitokisana izany ary manokatra fiaraha-miasa ihany koa.
- Manaraka izany, zarao amin'ny mpitarika eo amin'ny fiangonana ilay draftra. Aza aseho amin'ny fiangonana mihitsy ilay izy raha tsy efa manaiky izany ireo mpitarika , miverena aloha mivavaka mihitsy ary avereno jerena ilay draftr'asa ary mitadiava fanampiana amin'ny hafa.
- Rehefa manaiky ny mpitarika eo amin'ny fiangonana dia asehoy amin'ny fiangonana rehetra amin'izay ilay izy mba hahafantaran'ny olona ilay tetik'asa ka ahafahany manohana.

## **ASEHOY ILAY DRAFTR'ASA**

Ireto no tokony ho hita amin'ny famelabelarana:

- Atomboy amin'ny vina ny famelabelarana ny tetik'asa
- Mangataha ny fandraisan'anjaran'ny vondrona ary raiso izay ambarany
- Raha toa ka tsy misy fanoherana dia mangataka fanohanana avy amin'ny vondrona ny amin'ny vina sy ny drafitra.
- Raha toa ka misy fanoherana dia azavao tsara ny zavatra nitranga talohan'ny namolavolana io plana io.
- Angataho ireo vondrona mba hiditra na handray anjara amin'ilay ministera vaovao.
- Farany, mivavaha mba hahay handray ary ho voaova ireo rehetra nokasihin'ny ministeran'ny vavaka.

### **SOROY IZAY METY HO OLANA**

Hahita fihaikana be dia be isika raha vao mieritreritra fotsiny hanangana ny ministeran'ny vavaka. Tsy hoe zavatra ratsy foana akory ny fihaikana. Antso ho amin'ny fandohaliana hivavaka izany. Misy kosa anefa na izany aza karazan-javatra hafa azontsika hatao tsara mba hisorohana ireo olana goavana.

### **MANOMEZA OHATRA TSARA**

Ny ohatra tsara asehon'ny mpitarika ny fiangonana no fanalahidy raha hanomboka ny ministeran'ny vavaka. Azon'ireo mambra tsotra ihany koa anefa ny manome ny vinavinany momba ity ministera ity. Mivavaha ho an'ireo mpitondra ao amin'ny fiangonana ary tohano am-pifaliana ny sampana rehetra izay natsangan'Andriamanitra ao.

### **ATOMBOY AMIN'IZAY MANAN-DANJA INDRINDRA**

Ny fomba fampianarana ny olona hivavaka dia ny mivavaka. Misy fomba tsotra maromaro hampianarana ny olona hivavaka:

- Vavaka mangina
- Vavaka amin'ny fehezanteny feno sady tsara rindra
- Vavaka fohy

### **AOKA HO FOHY NY VAVAKA**

Ny vavaka fohy no tena mandaitra indrindra. Ilaintsika ny mampiasa ny teny fampiasa andavan'andro rehefa mivavaka isika. Aoka ho teny azon'ny olona tsara no ho hampiasaina.

### **FOMBA 10 HIASAN'NY FANAHY MASINA EO AMIN'NY FIAINAN'NY TSY MPINO**

- 1- Hitarika ny olona ho eo amin'I Jesosy Izy
- 2- Maniraka olona Izy mba hijoro vavolom-belona amin'ny tsy mpino
- 3- Mampahafantatra ny olona ny fahotana Izy
- 4- Mandresy lahatra ny fahamarinana amin'ny tsy mpino Izy

- 5- Manokatra ny fon'ny olona Izy mba hino an'I Jesosy
- 6- Manova sy manavao ny fiainana Izy
- 7- Manambatra antsika amin'I Jesosy Izy
- 8- Manome fahatokiana ireo mpino vaovao Izy
- 9- Maneho miandalana ny toetran'I Jesosy eo amin'ireo mpino vaovao Izy
- 10- Manakambana ny olona amin'ny tenan'I Kristy Izy

#### **MIFIDIANA FENITRA IRAY**

Mila fenitra na tanjona iray ho tratrarinna ny vondrom-bavaka iray tahaka ireo vondrona hafa rehetra. Raha mihoatra ny iray ny vondrona dia arindra tsara izany arakaraky ny isan'ny mpandray anjara. Tokony hanana lohahevitra na antom-bavaka manokana ireo vondrona izay manana ivon-toerana manokana.

#### **MAHAFANTATRA TSARA NY VALIMBAVAKA VOARAY**

Ilain'ireo olona izay nivavaka sy nanolotra antom-bavaka ny mahafantatra tsara ny valim-bavaka nomen'Andriamanitra azy ireo.

#### **NY VAVAKA AMIN'NY MAHA MINISTERA AZY**

Zavatra iray tena mahafinaritra ny vavaka ary manome tombotsoa be dia be ho an'ny ministeran'ny vavaka.

#### **HEVITRA MAROMARO HO AN'NY MINISTERAN'NY VAVAKA**

- 1- Manangana fefim-bavaka manodidina anareo ahitana olona iray farafahakeliny mba hivavaka ho anao
- 2- Asio fefim-bavaka manodidina ny mpitandrina anareo
- 3- Asio boky hanoratana antom-bavaka sy valim-bavaka ao amin'ny fiangonanareo
- 4- Mitadiava mpiara-miasa ho amin'ny vavaka manokana (tsy ambaratelo)
- 5- Entano ny fiangonana mba hitady namana
- 6- Alamino ny rojom-bavaka, amin'ny alalan'ny antso an-tariby na fandefasana someso ao amin'ny fiangonanareo
- 7- Manomàna efitrano fivavahana ho an'ny fiangonanareo
- 8- Manomàna fisintahana na seminera momba ny vavaka ho an'ny fiangonanareo
- 9- Manomàna fiaraha-mivavaka maraina ho an'ny fiangonana na ho an'ny fiaraha-monina misy anareo.
- 10- Manomàna fiaraha-misakafo natokana ho an'ny vavaka
- 11- Manomàna dian-tongotra natokana hivavahana ary mandritra izany dia mivavaha ho an'ny:
  - a) Mpitarika
  - b) Ireo olom-pantatra
  - c) Ireo voahilikilika
  - d) Ireo Ray aman-dReny mitoka-monina na koa tsy manambady

- e) Ireo reny tsy manam-bady
- f) Ny ankizy

Ampio ny olona mba hivelatra sy hitombo. Atomboy amin'ny zavatra tsotra indrindra izany. Mitadiava hevitra mifanaraka amin'ny filanareo. Maka hevitra any amin'ny toeran-kafa.

“ko a mananatra voalohany indrindra aho mba hatao izay fangatahana, fivavahana, fifonana, fisaorana ho an’ny olona rehetra... izany no tsara ka ankasitrahana eo imason’Andriamanitra, mpamony antsika” 1Tim 2:1,3

“misaotra an’Andriamanitra aho, izay tomipoiko araka ny nataon’ny razako amin’ny fieritreretana madio, fa tsy manam-pitsaharana akory ny fahatsiarovako anao amin’ny fivavahako andro aman’alina”. 2Tim 1:3

“ ny tena fandresena lehibe ho an’ny fiangonan’I Kristy na ny kristianina iray, dia tsy izay azontsika tamin’ny alalan’ny talenta na fampianarana, harena na fanampin’olona. Misy fandresena, izay azontsika ao amin’ny efitrano firesahana manokana miaraka amin’Andriamanitra, rehefa misy finoana lalina ary mitohy izay mifikitra amin’ny Tanany Mahery”.

## **NY FIANGONNA TRANO FIVAVAHANA**

Inona no azon'ny fiangonana hatao mba hampitomboana ny herin'ny vavaka ao? Ireto misy tsiambaratelo mba hanànana fiangonana mivavaka:

- 1- Tena ilaina indrindra ny fananana mpitarika tia mivavaka. Ny momba ny vavaka no kileman'ny fiangonana amin'izao vanin'andro misy antsika izao, tsy ny programa, tsy ny fomba fiasa, tsy ny fitaovana na ny hevitra akory. Ny vavaka irery ihany dia efa afaka mampiroborobo ny sampana.
- 2- Ataovy loha-laharana eo amin'ny fiainam-piangonana sy eo amin'ny rehetra ny vavaka. Sarotra ny manazava ny hery sy ny fahombiazan'ny fiangonana voalohany ao amin'ny testamenta vaovao raha tsy resahaha aloha ny momba ny vavaka
- 3- Tena manan-danja ny fananana fomba fijery marina sy mahitsy momba ny vavaka. Manjaka amin'izao tontolo izao Andriamanitra amin'ny alalan'ny vavaka asandrathy ny mpanompony. Kristy mihitsy no nanao ny vavaka ho hery lehibe hamitan'ny fiangonana ny asany.
- 4- Foto-javatra tena ilaina ny fifaneraserana ny amin'ny antom-bavaka sy ny valim-bavaka. Raha manantena isika fa manova zavatra ny vavaka dia tena ilaina indrindra ny fiandrasantsika ampaharetana ny valiny. Ny fomba tsotra indrindra mampahomby ny vavaka atao amin'ny fiangonana dia ny fifampizarana ny fangatahana antom-bavaka sy ny fizarana ny valim-bavaka azo avy eo.
- 5- Tokony hisy fifandraisana ety eo amin'ny vavaka sy ny ministeran'ny vavaka. Ny asa izay tsy misy vavaka dia toy ny asan'ny nofo ihany, ny vavaka tsy misy asa kosa dia toy ny fiainana kristianina miodina amin'ny tenany fotsiny ihany.

- 6- Manokàna fotoana, homany izay mety ilaina sy izay toerana hanaovana vavaka miaraka. Eto dia amporisihina ny firaisansa amin'ny vavaka. Mampitombo ny fiainam-bavakitsika ny fivavahana miaraka amin'ny hafa. Rahefa mihaino ny hafa mivavaka isika dia mianatra zavatra marobe izay azo hanovàna ny fiainam-bavaka manokana. Ny fiaraha-mivavaka dia tsy hoe manamafy ny finoantsika ihany fa manamora ihany koa ny fitarihana ny asa lehiben'ny ministeran'ny vavaka.
- 7- Entano ny fibanjinana ataon'ny tena manokana.Tena manan-danja lehibe eo amin'ny fiainan'ny kristianina rehetra ny vavaka isambatan'olona ary io no zavatra lehibe indrindra tokony handraisan'ny fanahy rehetra anjara. Amin'ny vavaka ataontsika samirery, dia ho sahy hamelatra ny fontsika ka hamoaka ny antom-bavaka isika hatramin'izay olana na tsiambarateotsika manokana kanefa tiantsika horesahina amin'Andriamanitra.
- 8- Entano ny fanompoam-pivavahana ao an-trano. Rahefa atao antsirambina ny fotoam-bavaka ao an-tokantrano, dia toy ny hoe mandena ravin-javatra amin'ny rano kanefa ny fakany avela ho maina eo. Tokony ho ao anatin'ny fanandramana hiainan'ny tokantrano kristiana rehetra ny fanompoham-pivavahana

### **NAHOANA NO ILAINA NY TRANO NATOKANA HIVAVAHANA ?**

- 1- Mba ahafahana mandamina fotoana hivavahana ara-dalàna
- 2- Mba hitarika ho amin'ny fitiavam-bavaka
- 3- Mba ho toerana hahitana ny asa ataon'Andriamanitra eo amin'ny fiainam-piagonana.
- 4- Izany no manaporofa ny vinan'ny fiagonana mba hahazo ny tanan-dehibe ho an'I Kristy
- 5- Manome hery hiatrehana ny asa fitoriana izany
- 6- Manome toerana ahafahana mivavaka izany
- 7- Misy fiatrainy lehibe eo amin'ny fiainan'ny fiagonana izany
- 8- Ho toerana milamina ahafahana mihaino ny feon'Andriamanitra izany
- 9- Ho toerana ahafahana manao favorim-bavaka maharitra izany
- 10- Ho toerana ahafahana maneho ny fanoloran-tena ho an'ny Kristy izany.

## **NY FOMBA FIJERIN'NY BAIBOLY NY ATAO HOE VAVAKA**

- Tsy valim-bavaka terena akory ny valim-bavaka avy amin'Andriamanitra. Fanomezana homena antsika noho ny fahasoavany izany.
- Mitadiava ny sitrapon'Andriamanitra ianareo ao anatin'ny vavaka ataoareo, mba hahatsapa fahafaham-po amin'izay ilainareo ianareo, hanatraranareo ny tanjona ary hanatanderaka ny faniranareo.
- Mihevitra ny vavaka rehetra Andriamanitra ary miditra an-tsehatra mandrakariva eo amin'ny fainantsika amin'ny alalan'ny fanoritana ny lalam-piaintantsika eo amin'ny tantara.
- Izao no hiandrasanao ny valim-bavakao: ny fanjakan'ny fahavaloo dia hirodana, ary ny ambom-pony diso toerana dia ho levona
- Arakaraky ny hivavahantsika no hampivelatra ny lalantsika ary hanantenantsika an'Andriamanitra, Ilay Mahery indrindra noho ny zava-boary izay afaka manao fahagagana.
- Ny fanapahana ny fahazarantsika mivavaka dia famelarana ny fainam-panahintsika sy ny ministera ho eo ambany fitantanan'olombelona izay hanimba azy.
- Ny vavaka dia mamita ny asan'ny fiangonana
- Misy ve Andriamanitra mba hanatanderaka ny plana izay nataontsika, sa misy ve isika mba hanatanderaka ny plan'Andriamanitra?

Nofidin'Andriamanitra ny vavaka ho fanalahidy hamitan'ny fiangonana ny asa. Amin'ny alalan'ny vavaka dia afaka hahakasika izao tontolo izao tahaka an'Andriamanitra isika.

Nalaina tao amin'ny boky "the praying Church" izay nosoratan'i Alvin J. Vander Griend

## **AOKA HAHOMBY NY FIAINAM-BAVAKAO**

### **1- manokàna fotoana hivavahana**

Raha toa ka mbola tsy fahazarana ho anao ny mivavaka dia mety harary ny fiainam-bavakao. Ny fivavahana mitohy tsy miato no vahaolana amin'izany; hoy Davida ao amin'ny Sal 5:3 "Jehovah ô, maraina no handrenesanao ny feoko; maraina no hivavahako aminao, ka hanandratra aho".

Tsapan'I Davida tsara ny mahazava-dehibe sy ny hasarobidin'ny fivavahana mitohy amin'ny fotoana tsy miovaova. Aza manandrana hitady fotoana foana isan'andro, fa ataovy amin'ny ora raikitra, tsy miovaova ny vavaka izay ataonao.

### **2- mitadiava toerana tony sy milamina mba hivavahana**

Mba ahafahana manatsara marina ny fiainam-bavakao, mandehana any amin'ny toerana manokana izay efa voatokanao hivavahana. Hoy Jesosy ao amin'ny Mat 6:6 "fa hianao kosa, raha mivavaka, dia midira ao amin'ny efitranonao..."

Tsy niresaka ny amin'ny fahazarana fotsiny ihany ny Raintsika, fa niteny ihany koa ny amin'ny toerana manokana mba hivavahana. Etsy andaniny tsy hoe noresahiny fotsiny ny tanjona kendrena fa nampihariny izany. Ny Kristiana tsirairay dia tokony hanana toerana manokana mba ahafahany mivavaka.

### **3- Fantaro amin'ny maha Izy Azy Andriamanitra**

Ny vavaka rehetra dia tokony manomboka amin'ny fahafantarana ny tena toetran'Andriamanitra aloha; satria azo antoka fa io natioran'Andriamanitra io no manome antsika fahatokiana ny mba ahazo valim-bavaka.

Ny atao hoe "fiderana" dia ilay fahafantarana ny toetran'Andriamanitra. Modelin'ny vavaka- ilay Raintsika.Ny vavaka dia manomboka ary mifarana amin'ny fiderana .

Ny vavaka no varavarana izay mitondra ho any an-danitra (Sal 100:4) atombay amin'ny fiderana ny vavaka-ADORATION "A"

### **4- Ambarao Azy ireo fahadisoana nataonao**

Amin'ny fiandohan'ny fotoana hivavahana, dia tokony hisaina ny amin'ny antony hangatahana famelan-keloka aloha isika.

Ny mpanao salamo dia mampatsiahy antsika hoe:

“raha mankasitraka ota ato am-poko aho, dia tsy mba hihaino ny Tompo”Sal 66:18

Ny soratra masina dia manazava tsara fa ny ota tsy nibebahana dia mametraka sakana eo amin’Andriamanitra sy ilay olona izay manao ilay vavaka. Ny fahazarana mivavaka andavanandro dia manome antsika fotoana handinihana ny toe-panahintsika. Ny fiaikan-keloka dia fepetra tsy azo ialana ho an’ny vavaka. Ny manota ankalahana sy ny mivavaka dia zavatra roa samy hafa mihitsy. Ny fotoana manan-danja indrindra ao anatin’ny vavaka ataontsika dia ny fotoan’ny fandinihan-tena- fiaiken-keloka. CONFSSION“C”

#### 5- Isaory Andriamanitra noho ireo izay nataony

Tsy hoe atomboka sy faranana amin’ny fiderana fotsiny ny vavaka, fa mandritra ny fotoana hanaovana azy dia tokony ho hita ao koa ny fisaorana an’Andriamanitra. Ny “fiderana” dia faritana tahaka ny fanomezam-boninahitra an’Andriamanitra amin’ny maha Izy Azy: ny fisaorana (fankasitrahaha) dia midika fisaorana Azy indray noho ireo nataony, ary izany dia mifandraika amin’ny antsipirihany. Amin’ny fotoana manaraka izay hivavahanao, manova lisitra ao an-tsaina ny amin’ireo zavatra nataon’Andriamanitra ho anao, ivereno ireo fanomezana izay nataony anao tamin’ny lasa. Ny fankasitrahaha dia tena tombotsoa mba ahafahana misaotra an’Andriamanitra- REMERCIEMENTS”R”

#### 6- Asehoy an’Andriamanitra ny zavatra ilainao sy ny fangatahano

Mivavaha miaraka amin’ny tenin’Andriamanitra. George Mueller, ilay talen’ny toeram-pitaizana zaza kamboty lehibe iray tao anatin’ny taonjato farany dia fantatra tamin’ny haleben’ny finoany an’Andriamanitra sy ny fiainam-bavakany.

Tsy isalasalana ny tsy ambaratelon’I George Mueller, tsy mivavaka izy raha tsy misy Baiboly mivelatra eo. Noraisiny ny herin’ny tenin’Andriamanitra tao amin’ny bokin’ny mpaminany Jeremia, “tsy tahaka ny afo va ny teniko? Ary tsy tahaka ny kanonta manorotoro ny vatolampy va?

Ny fangatahana maneho ny “S” SUPPLICATIONS

ACRS: fanafohizana ny Adoration (fiderana), confession (fiaikan-keloka), remerciements (fankasitrahaha) ary supplications (fangatahana)-Izay mandrafitra ny firafitry ny vavaka.

#### 7- Aza miala

Jakoba dia manome ohatra manokana ho antsika, dia izy ilay tsy nijanona nangataka mandrapahazoany ny fitahiana izay niriny avy amin’Andriamanitra. Hoy izy: “tsy avelako handeha Hianao, raha tsy tahianao aho” Gen 32:27

Betsaka amin'ireo mpino no manomboka ny tontolo androny amin'ny vavaka, miaraka amin'ireo fihevitra tsara rehetra, saingy mora miala izy ireo rehefa miha ratsy ny toe-javatra. Ny fiharetana dia fepetra tena ilaina amin'ny hery ara-panahy. Rehefa resaka vavaka dia tokony hilaza tahaka ny mpanao salamo isika: “tafatoetra ny foko Andriamanitra ô! Eny tafatoetra ny foko.” Sal 57: 7

Ataovy izay azonao atao mba hampahantanjaka ny fiainam-bavakao. Hita ary marina fa ny vavaka dia manamboatra zavatra betsaka noho ireo nofinofin’ity izao tontolo izao ity.

#### 8- Mandinika ny fanatrehan’Andriamanitra

Diniho ny Soratra Masina izay ho vakinao, ary ahoana ny fomba hampiharanao azy eo amin'ny fiainanao manokana. Ny fandinahan-tena dia tsy hoe misy hevitra fonosiny fotsiny ihany fa tena ilaina izy ho an'ny vavaka mifototra tsara. Ny bokin'ny salamo dia manomboka amin'ity fehezanteny manaraka ity: “sambatra ny olona izay... ny lalàn’I Jehovah no sitrany; eny, ny lalàny no saintsaininy andro aman’alina”. Sal 1: 1, 2

Ny andininy tokana izay milaza ny “fahombiazana”, dia baiko ny hisaintsainana andro aman’alina ny tenin’Andriamanitra (Jos 1: 8). Manontany izay voarantsika momba an’Andriamanitra, tamin’ny alalan’ireo andalana ao amin’ny Soratra Masina, ary koa ny fomba hilazany amintsika.

#### 9- Atomboy ny hira vaovao

Betsaka amin'ireo kristiana no mahatsapa fifaliana indray rehefa mihira mafy mandritra ny vavaka. Ao amin'ny Baiboly ny hira dia tena ilaina amin'ny fiderana. Paoly sy Silasy dia nosamborina ary nampidirina am-ponja satria nitory ny filazantsara (Asa 16:25), saingy nahagaga ny nahita azy ireo mihira fiderana tamin’izay. Ary satria tsy nisy boky fihirana niaraka taminy dia tsy maintsy nihira izay hira avy ao am-pony izy ireo. Ny mpanao salamo dia miteny hoe “mihirà fihiram-baovao”. Satria ianao irery tsy misy olona mahita dia tsy ahatsiaro fihafahafana mihitsy ianao; mihira hira tsotra, na mihirà hira vitsivitsy amin'ireo hira tinao ary saintsaino ny tononkira. Hahazoana fifaliana vaovao indray izany indrindra amin’Andriamanitra sy ianao.

#### 10- Mivavaha betsaka ho an’ny hafa

Ny olona tsirairay avy izay mivavaka dia tokony hanokana anjara fotoana mazava tsara, mba hivavahany hoan’ny hafa. Ny modelin’ny vavaka nataon’I Jesosy dia tsy nanomboka tamin’ny “Raiko” fa kosa tamin’ny “Rainay”. Tsy indray mandeha izy no manonona ny: “izaho” ny “ahy” na ihany koa ny “ko”. Hoy ny vavaka nataon’I Kristy: “omeo anay, aza mitondra anay, mamelà anay” ny tsindrim-peo dia manondro mazava ny hafa- manindry ny maha zava-dehibe ny fanokanana isaky ny fotoam-bavaka, betsaka ny fotoana natokana ho an’ny vavaka fanelanelanana.

#### 11- Mivavaha ho an'ny asa fanompoana amin'ny fitoriana ny filazantsara

Ny tena zava-dehibe indrindra rehefa mivavaka hoan'ny hafa dia ny fangatahana hoan'ny ara-panahiny . Antapitrисany ny olona manerana izao tontolo izao no maniry ny hihaino mikasika an'I Jesosy. Mivavaha ho an'ny Pasitora tsirairay avy eo amin'ny federasiona misy anao, mivavaha ho an'ireo mpitondra sy mpitarika ny fiangonana misy anao, eny hatramin'ireo mpitarika ny federasiona.

Ao amin'ny TesI 5:12,13, I Paoly dia miteny amintsika ny mba hanana fomba fiheverana ambony ireo izay lohany amintsika, ao anatin'izany Andriamanitra, ny pastoratsika, ireo mpampianatra sy ireo mpitondra fiangonana. Mivavaha ho an'ny fikambanan'ny mpitarika sy ny mambra mpitory an-tsitraro, izay ampiasain'Andriamanitra mba hanatrarana ireo izay tsy manana fanantenana.

#### 12- Mifantoka amin'ny vavaka izay atao (mifototra amin'ny vavaka izay atao)

Ireo vavaka fanelanelanana dia tokony hifantoka amin'ny zavatra ilaina manokana, eo amin'ny firenentsika sy manerana ny firenena eto amin'izao tontolo izao. Davida dia nivavaka toy izao:

“misandrata any ambonin’ny lanitra Hianao, Andriamanitra ô! Aoka ho ambonin’ny tany rehetra ny voninahitroa.” Sal 57: 5

Mivavaha ho an'ireo Pasitora sy ireo mpitondra fiangonana amin'ny fanononana ny anaran'izy ireo manokana. Mivavaha ho an'ireo mambran'ny fiangonana. Mety tianao angamba ny hitsinjara maromaro ny lisitra ataonao, ny tena tsara, isan'andro dia misy ampahany hoentinao ambavaka. Raha hivavaka ho an'izao tontolo izao ianao, azonao atao ny mizara ny lisitra ho 30 firenena isaky ny vondrona ka isan'andro mandritra ny herinandro no hitondrana azy ireo ambavaka. Isaky ny herinandro dia vitanao ny mivavaka ho an'izao tontolo izao, firenena ho amin'ny firenena.

#### 13- Alamino ny fotoana hivavahanao

Mandrafeta rafitra iray alohan'ny hanaovanao vavaka manokana. Raha ataonao an-tsoratra ny vavakao dia mandraisa fandraisana naoty kely, penina ary Baiboly. Raha hampiasa ilay drafitra na karazana vavaka tahaka ny Rainay izay any an-danitra na ACRS(4F) na vavaka atao lisitra ianao, dia mety hanampy amin'ny fandaminana ataonao izany.

Alamino am-pahamalinana ny fotoanao sy ny vavakao, mangataha amin'Andriamanitra ny mba hilazany aminao hoe iza no ho entiao am-bavaka ary ahoana ny fomba hivavahana. Angataho ny fierovany sy ny fikarakarany mandritra ny fotoana hivavahanao.

#### 14- Mianara mifady hanina sy mivavaka

Ny fifadin-kanina dia fampianarana ny safidy an-tsitraro. Tsy handray sakafo mahazatra fa ny tanjona dia ny mba hananana fotoana betsaka sy fiftantohana amin'ny vavaka. Jesosy dia

niteny mazava tsara fa misy fahombiazana tsy azo raha tsy amin'ny alalan'ny vavaka sy ny fifadian-kanina ihany Mat 9: 28,29. Aza misakafo indray mihinana isan-kerinandro na tontolo andro mihitsy mba hifadian-kanina sy hivavahana. Izay vavaka mafana izay dia afatohy amin'ireo firenena, ny isam-batan'olona na tanàna izay toa mbola manidy ny varavarany amin'ny fitoriana ny filazantsara.

#### 15- Mitadiava namana hiara-mivavaka

Jesosy, Ilay Mpampianatry ny vavaka, dia nampianatra fa ny vavaka miaraka amin'ny hafa dia mampitombo ny herin'ny vavaka. Hoy indrindra izy: “raha misy roa aminareo mifanaiky ety ambonin’ny tany na amin’ny inona na amin’ny inona ka hangataka izany, dia ho azony avy amin’ny Raiko Izay any an-danitra izany” Mat 18:19

Miteny mazava Andriamanitra fa hanome hery manokana Izy rehefa misy olona roa mifanaiky amin'ny hevitra iray. Mitadiava namana iray izay afaka hanotrona anao amin'ny fotoana hivavahanao, eny fa na dia lavitra anao aza izy, na mitadiava olona izay mipetraka manodidina anao mba ahafahanareo mifampitaona matetika- Mivantana na amin'ny finday.

#### 16- Ny tena tsiambaratelo marina

Misy milaza fa ny tsiambaratelon'ny vavaka- dia mahafantatra an'Andriamanitra sy mahazo valim-bavaka- avy amin'ny Kristy. Ao amin'ny Mar 11:24 dia niteny Jesosy hoe:

“Na inona na inona tononinareo amin'ny fivavahana sy angatahinareo, dia minoa fa efa nandray hianareo, dia ho azonareo izany”. Ny teny voalohany mila tadinina dia hoe: “tononinareo” ary izay no tsiambaratelo. Raha tsy tononinao, dia mety tsy ahazo valimbavaka mihitsy ianao. Ny vavaka lalina, lazaina hoe: am-pinoana, ho anao manokana na ho an’ny hafa dia tena misy heviny tokoa.

Ary satria ny vavaka no zava-dehibe indrindra tokony atao, ny mivavaka dia mila hery, misy ny olona maka minitra vitsy hakany aina alohan’ny hivavahany mba ahazoany hery tena tsara amin'ny asa izay heveriny fa zava-dehibe ho azy ireo. Manome valiny tena mampihetsi-po Andriamanitra.

Ny vavaka dia zavatra anankiray tena mahafinaritra sy misy heviny, raha toa ka ataontsika araka izay nampianarin'I Jesosy.